


1. *Manamafy* ny hanaovana laharampahamehana ny fanajana toa ny anakandriamaso ny firaisankina sy ny fandrianàna araka ny velaran-taniny eo amina firenena iray rehefa lasa mahaleotena,

2. *Rehefa nandray* an-tsoratra ny fanapahan-kevitra mikasika ny nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India, nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny OUA, tamin'ny fivoriana ara-potoana faha-33, natao tao Monrovia (6-20 Jolay 1979),

3. *Manasa* ny Governemanta Frantsay hanomboka faran'izay aingana ny fifampidinihina amin'ny Governemanta Malagasy, momba ny fameranana ireo nosy voalaza etsy ambony ireo, izay nosarahina tsy ara-drariny tamin'i Madagasikara (na koa Firenena Malagasy mahaleotena),

4. *Mangataka* amin'ny Governemanta Frantsay ny fanafoanany ireo tsipika sy fanapahan-kevitra rehetra tsy mifanaraka amin'ny fandrianam-pirenena sy ny fahaleovantena ara-velaran-tanin'i Madagasikara, ary koa mametra azy (ny Governemanta Frantsay io) tsy hamolavola fanapahan-kevitra hafa izay tsy hafahana mitady vahaolana ka vao maika hanasarotra io olana sedraina ankehitriny io,

5. *Miangavy* ny Sekretetra Jeneraly hampiatrà ity fanapahan-kevitra ity ka atao tatitra ho resahina eo amin'ny Fivoriam-be faha-35 ho avy,

6. *Manapak'hevitra* fa hosoratana ao amin'ny fandaharana vonjimaika amin'ny Fivoriam-be faha-35 ny mikasika ireo Nosy ireo ka hampitondraina ny fehiteny hoe : ***« Fanontaniana mikasika ireo nosy malagasy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India »***.

***Fivoriam-ben'ny mpikambana rehetra faha-99***
***12 Desambra 1999***

Be ny jamba sy marenina eto Madagasikara satria tsy mba ampahafantarina azy ireo ny Tantara marina iombonana. Ireo mpanao politika moa dia miankina amin'ny tombontsoany ihany no andrafetany io Tantara io. Diniho fotsiny ohatra ingahy Ravalomanana. Miana-kendry mikasika ny tany totofana tsy ara-dalàna amin'izao taona 2015 izao. Hoy mantsy izy : *« Tsy azo ekena mihitsy ny fanotofana tany tsy ara-dalàna »*
.



**Marc Ravalomanana, Andohatapenaka, Desambra 2008.** ***« Tsapao aloha ny herinareo vao mitsapa ny aty. Raha mbola misy tany azo totofana any dia ho totofako koa »***

Fa adinony tanteraka tokoa ny nataony mikasika ny tany eo Andohatapenaka ka nampiasany vola avy amin'ny Faritra Analamanga, nefa saika hananganany orisana mpanao sakafo ho an'ny kisoa (provandy), izay orinasa tsy ho an'ny vahoaka akory fa ho azy manokana. Ny biby

ny azy no mandeha aloha. Fa tsy vitan'izany anie e ! Mbola sahiny ny niteny, rehefa nanontaniana, fa *« raha mbola misy tany ho totofana any dia ho totofako koa ».*



**Marc Ravalomanana milaza amin'i Rivo Rakotovao fa *« Tsy azo ekena mihitsy ny fanotofana tany tsy ara-dalàna »*, ary nanontany azy mihitsy hoe *: « Sao dia ianao no nanome alàlana? »***

Izao indray dia lasa akama be izy sy ny minisitra Rivo Rakotovao, satria mikasika ny fisokafana na tsia ny orinasa Tiko. Inona anefa ny vava be nataony vao tsy ela mikasika ny manodidina an'ny filoha Rajaonarimampianina, indrindra fa io Rivo Rakotovao io *? « Rehefa tsy vahaolana ny olona manodidina anao dia olana »*. Izao indray lasa vary sy rano ka i Dada mihitsy no lasa ambonin'io minisi-panjakana sady filohan'ny antoko Hvm. K'inona moa fa sady Filoham-pirenena no Ben'ny Tananàn'Antananarivo i Marc Ravalomanana. Fa tsy misy miteny mihitsy ny tompon'andraikitra mivantana.



Dia io koa ilay filoha tsy manam-paharoa fa manara-dia ny fomba fanaon'ilay Valo. Fony mbola kandida faha-3 izy dia naninzingizina *fa « hiady mafy amin'ny hamerenena ireo Nosy malagasy ireo »* . Lany filoham-pirenena amin'izay ary izy. Nahodiny amin'izay ny resaka ka fiaraha-mitantana amin'ny Frantsay indray no nambarany. Farany moa dia tsy nasiany resaka intsony ireo nosy ireo. Na tamin'ny fivoriana ny COI (Vondron'ny oseana Indiana) faha-4, tao Moroni Comores, ny 23 Aogositra 2014, na teo amin'ny firenena mikambana ny 25 septambra 2014 sy ny 1 Oktobra 2015.




Fa inona marina moa ny mikasika ireo Nosy izay misy harena tsy hita pesimpesenina ireo? Io ambany io aloha ny fanapahan-kevitry ny Firenena mikambana amin'ny teny frantsay, izay nohezahiko nadika teny malagasy, manaraka eo ambany.

*99e séance plénière*
*12 décembre 1979*

**34/91. Question des îles Glorieuses, Juan de Nova, Europa et Bassas da India**

*L'Assemblée générale*,

*Ayant examiné* la question des îles Glorieuses, Juan de Nova, Europa et Bassas da India,

*Rappelant* sa résolution 1514 (XV) du 14 décembre 1960, contenant la Déclaration sur l'octroi de l'indépendance aux pays et aux peuples coloniaux,

*Rappelant en outre* la Déclaration relative aux principes du droit international touchant les relations amicales et la coopération entre les Etats conformément à la Charte des Nations Unies, contenue dans sa résolution 2625 (XXV) du 24 octobre 1970,

*Considérant* sa résolution 34/21 du 9 novembre 1979, ainsi que ses résolutions antérieures sur la coopération entre l'Organisation des Nations Unies et l'Organisation de l'unité africaine,

*Ayant à l'esprit* les décisions sur les îles Glorieuses, Juan de Nova, Europa et Bassas da India, adoptées par la Conférence des chefs d'Etat et de gouvernement de l'Organisation de l'unité africaine à ses quinzième[37], et seizième[38] sessions ordinaires, qui se sont tenues à Khartoum du 18 au 22 juillet 1978 et à Monrovia du 17 au 20 juillet 1979,

*Prenant note* de la partie de la Déclaration politique adoptée par la sixième Conférence des chefs d'Etat ou de gouvernement des pays non alignés, tenue à La Havane du 3 au 9 septembre 1979[39], concernant les îles malgaches de l'océan Indien,

*Rappelant* les dispositions pertinentes de la Charte des Nations Unies relatives au règlement pacifique des différends,

*Prenant note* de la demande de réintégration formulée par Madagascar à propos des îles Glorieuses, Juan de Nova, Europa et Bassas da India[40],

*Considérant* la disposition maintes fois réitérée du Gouvernement malgache à entrer en négociation avec le Gouvernement français en vue de trouver à la question une solution conforme aux buts et principes de la Charte des Nations Unies,

1. *Réaffirme* la nécessité de respecter scrupuleusement l'unité nationale et l'intégrité territoriale d'un territoire colonial au moment de son accession à l'indépendance;

2. *Prend note* de la résolution sur les îles Glorieuses, Juan de Nova, Europa et Bassas da India, adoptée par le Conseil des ministres de l'Organisation de l'unité africaine à sa trente-troisième session ordinaire, qui s'est tenue à Monrovia du 6 au 20 juillet 1979[41],

3. *Invite* le Gouvernement français à entamer sans plus tarder des négociations avec le Gouvernement malgache en vue de la réintégration des îles précitées, qui ont été séparées arbitrairement de Madagascar;

4. *Demande* au Gouvernement français de rapporter les mesures portant atteinte à la souveraineté et à l'intégrité territoriale de Madagascar et de s'abstenir d'en prendre d'autres qui auraient le même effet et pourraient affecter la recherche d'une solution juste au présent différend;

5. *Prie* le Secrétaire général de suivre l'application de la présente résolution et de faire rapport à ce sujet à l'Assemblée générale lors de sa trente-cinquième session;

6. *Décide* d'inscrire à l'ordre du jour provisoire de sa trente-cinquième session une question intitulée "Question des îles malgaches Glorieuses, Juan de Nova, Europa et Bassas da India".

*99e séance plénière*
*12 décembre 1979*

***Fivoriam-ben'ny mpikambana rehetra faha-99***
***12 Desambra 1979***




**34/91. Mikasika ireo nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India**

*Ny Fivoriam-be,*
*Rehefa nandinika* ny mikasika ireo nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India,

*Rehefa nampahatsiahy* ny fanapahan-keviny 1514 (XV) tamin'ny 14 Desambra 1960, mirakitra ny Fanambarana momba ny fanomezana fahaleovantena ho an'ireo firenena sy vahoaka nozanahina,

*Rehefa nampahatsiahy ihany* koa ny Fanambarana mifanaraka amin'ny lalàna iraisam-pirenena momba ny fifandraisana ara-pirahalahiana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy firenena, izay mifanaraka amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana, voarakitra ao amin'ny fanapaha-keviny 2625 (XXV) tamin'ny 24 Oktobra 1970,

*Rehefa nandray* ny fanapahan-keviny 34/21 tamin'ny 9 Novambra 1979, sy ireo fanapahan-keviny rehetra nialoha io, momba ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny Firenena Mikambana (ONU) sy ny Vondrom-ben'ny Firaisan-kina Afrikana (OUA),

*Rehefa nifantoka tsara ao an-tsaina* ny fanapahan-kevitra mikasika ny nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India, neken'ireo fivoriam-ben'ireo Filoham-pirenena sy Filoham-panjakana ao amin'ny OUA, natao tao Khartoum (18-22 Jolay 1978) sy tao Monrovia (17-20 Jolay 1979),

*Rehefa nandray an-tsoratra* ny Fanambarana politika nekena tamin'ny fivoriam-be faha-6 nataon'ireo Filoham-pirenena sy Filoham-panjakana mpikambana ao amin'ireo firenena tsy miankina *(« Pays non-alignés »)*, natao tao La Havane (3-9 Septambra 1979), **mikasika indrindra ireo Nosy Malagasy** ao amin'ny oseana Indiana,

*Rehefa nampahatsiahy* ireo andininy ara-drariny voarakitra ao amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana momba ny famahana olana ao anaty fandriampahalemana,

*Rehefa nandray an-tsoratra* ny fangatahana napetrak'i Madagasikara amin'ny tokony hamerenana azy ireo nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India,

*Rehefa nandray* ireo fepetra naverin'ny Governemanta Malagasy matetika, momba ny fanaovana fifanarahana amin'ny Governemanta Frantsay, hitadiavana vahaolana mifanaraka amin'ireo tanjona sy ny hevi-dehibe voarakitra ao amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana,

1. *Manamafy* ny hanaovana laharampahamehana ny fanajana toa ny anakandriamaso ny firaisankina sy ny fandrianàna araka ny velaran-taniny eo amina firenena iray rehefa lasa mahaleotena,

2. *Rehefa nandray* an-tsoratra ny fanapahan-kevitra mikasika ny nosy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India, nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny OUA, tamin'ny fivoriana ara-potoana faha-33, natao tao Monrovia (6-20 Jolay 1979),

3. *Manasa* ny Governemanta Frantsay hanomboka faran'izay aingana ny fifampidinihina amin'ny Governemanta Malagasy, momba ny fameranana ireo nosy voalaza etsy ambony ireo, izay nosarahina tsy ara-drariny tamin'i Madagasikara (na koa Firenena Malagasy mahaleotena),

4. *Mangataka* amin'ny Governemanta Frantsay ny fanafoanany ireo tsipika sy fanapahan-kevitra rehetra tsy mifanaraka amin'ny fandrianam-pirenena sy ny fahaleovantena ara-velaran-tanin'i Madagasikara, ary koa mametra azy (ny Governemanta Frantsay io) tsy hamolavola fanapahan-kevitra hafa izay tsy hafahana mitady vahaolana ka vao maika hanasarotra io olana sedraina ankehitriny io,

5. *Miangavy* ny Sekretetra Jeneraly hampiatrà ity fanapahan-kevitra ity ka atao tatitra ho resahina eo amin'ny Fivoriam-be faha-35 ho avy,

6. *Manapak'hevitra* fa hosoratana ao amin'ny fandaharana vonjimaika amin'ny Fivoriam-be faha-35 ny mikasika ireo Nosy ireo ka hampitondraina ny fehiteny hoe : ***« Fanontaniana mikasika ireo nosy malagasy Glorieuses, Juan de Nova, Europa sy Bassas da India »***.

***Fivoriam-ben'ny mpikambana rehetra faha-99***
***12 Desambra 1979***

**Nandika :**
**Jeannot Ramambazafy – 3 Oktobra 2015**

## PDF ho rakitry ny Tantara ETO










Assemblée générale des Nations Unies

Dossier de presse-70e session

Ordre du jour

**TOUTES LES 173 QUESTIONS INSCRITES OFFICIELLEMENT A L'ORDRE DU JOUR DU DEBAT GENERAL DE CETTE 70ème SESSION DE L'ASSEMBLEE GENERALE* DES NATIONS UNIS**

**8. Débat général.**

A. Promotion d'une croissance économique soutenue et d'un développement durable, conformément aux résolutions de l'Assemblée générale et aux décisions issues des récentes conférences des Nations Unies

9. Rapport du Conseil économique et social.

**(...)**

La situation au Moyen-Orient.

38. Question de Palestine.

39. La situation en Afghanistan.

40. La situation dans les territoires occupés de l'Azerbaïdjan.

**41. Question de l'île comorienne de Mayotte.**

42. Nécessité de lever le blocus économique, commercial et financier imposé à Cuba par les États-Unis d'Amérique.

Aux Nations unies: SAJ **demande** l'appui de l'Assemblée su..
L'express.mu (Satire) (Communiqué de presse) (Blog) -
il y a 13 heures
Le principal volet de son discours était cependant axé sur la lutte de **Maurice** pour regagner sa souveraineté sur les **Chagos** et sur Tromelin

[illegible]